Ilay Voa Tsara Nafafy 10 Septambra 2018

10 Alatsinainy septambra

Fa hoy Jesosy taminy : Mandehana ianao, ry Satana, fa voasoratra hoe : „Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao".
Matio 4. 10

Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'ny devoly. 1 Jaona 3. 8

Ny ady atrehin'ny kristiana (2) : ilay ohatra lavorary

Fony tetỳ an-tany Jesosy, dia nanampatra ny heriny i Satana. Nefa nandroaka ireo demonia ny Zanak'Andriamanitra.

Jesosy tonga olombelona, rehefa avy nifady hanina nandritra ny efapolo andro, dia nalain'ny devoly fanahy tany an-taniefitra. Tsy nilefitra Jesosy, na notafihin'i Satana mifanatrika, na nanaovany safeliteny hamitahana. Intelo i Satana no nitarika an'i Jesosy tsy hankatò an'Andriamanitra, nefa dia novalian'i Jesosy hatrany tamin'ny Tenin'Andriamanitra, nilazany hoe : „Voasoratra hoe". Tsy vitan'ny hoe rava fotsiny ihany ny fandrika nataon'ny devoly, fa niala teo mihitsy izy, rehefa niteny tamim-pahefana Jesosy hoe : „Mandehana ianao, ry Satana".

Amin'izany Jesosy dia ohatra ho antsika. Naharesy an'i Satana Izy, satria nankatò ny Tenin'Andriamanitra. Mahatalanjona ny fahendren'i Jesosy sy ny fahaizany mandanjalanja, mba hanafoanana ny herin'ny ratsy amin'ny endriny rehetra. Raha isika, dia tsy afaka hahery raha tsy noho ny herin'ny Tompo, tsy afaka hahery raha tsy mitoetra eo ambany fiarovany. Tahaka Azy koa, dia tokony hampiasa ny Tenin'Andriamanitra isika, mitanisa izany amin'ny alalan'ny Fanahy, araka izay ilàna azy, eo ambany fahefan'ny Tompo. Ary afaka mampiasa ny fahefan'ny anaran'ny Tompo koa isika, rehefa miombona aminy. Mandositra i Satana, eo anatrehany. Miaraka amin'ny mpandresy isika ! Tsy tokony hataon'ny kristiana ho toy ny tsy misy ny herin'ny devoly miasa eto amin'izao tontolo izao. Miasa ny devoly, na aiza na aiza, matoa misy korontana, hakiviana, fifandonana, fahotana... Nefa tsy avy aiza no ipoiran'ireo, fa avy ao am-pon'ny olona fotsiny ihany (Marka 7. 21-23).

Manana fahavalo iray hafa koa mantsy ny mpino, fahavalo anaty, ka manana ady iray hafa hatrehina.

(amin'ny heriny ny tohiny)